# Ny taona ho avy

## Mino aho fa ny zavatra rehetra dia afaka ny hotanteraka amin'ity taona ity.

Daty:

sonia

Natao am-pitiavana avy amin'ny ekipa iraisam-pirenena iray any Budapest, Hongria.

**https://yearcompass.com/mg**

Tianao ve ny YearCompass? Zarao amin'ny namanao izany!
Ampio izahay hanampy olona betsaka araka izay azo atao.

Raha mahita diso tsipelina ianao, na fahadisoana ara-pitsipi-pitenenana, na olana hafa, dia mangataka ny fahatsarampanahinao izahay ka manorata aminay amin'ny tranokala etsy ambony.

Ity asa ity dia nahazo alalana avy tamin'ny Creative Commons Attribution-NonCommercial-ShareAlike 4.0 International.



# YearCompass



# 2024 « | » 2025

# Tonga soa

## Inona ity?

Ity dia YearCompass na tondroavaratry ny taona — ny YearCompass-nao manokana, raha ny marina kokoa.

Ny YearCompass dia bokikely iray manampy anao hisaintsaina ny taona lasa sy hanomana ny manaraka arahina andiam-panontaniana sy fampiasana voafantina tsara, hanampy anao hamoaka ny fahazaram-piainanao ary hamolavola taona mahafinaritra ho anao.

Misy ampahany roa miavaka tsara ny bokikely. Ny tapany voalohany dia hanampy anao hamerina hijery, hianatra avy amin'izany ary hankalaza ny taona izay nolalovanao teo. Ny tapany faharoa manontolo kosa dia mifantoka amin'ny ho avy. Hanonofy ianao, hanomana ary hiomana mba hahazo ny vokatra tsara indrindra amin'ny taona vaovao.

## Inona no ilaiko mba hamenoana ny bokikely?

Penina na pensily hazo, ora vitsivitsy ahafahanao mifantoka tsy voaelingelina, ary saina misokatra sy mitsotra ny marina.

## Afaka ataoko anatina vondrona ve ity?

Eny azo atao tsara! Antsoy ireo namanao, manatontà bokikely ho azy rehetra ary mitadiava toerana mahafinaritra. Tokony hameno ny YearCompass-ny avy ny tsirairay, fa kosa afaka manokana fotoana ianareo hiresahana momba ireo fampiasana sady hizarana ny eritreritrareo sy ny fihetseham-ponareo.

Raha manao izany ianao dia tadidio fa misy zavatra tsy afaka zaran'ireo namanao. Ny olona tsirairay dia tsy tokony hizara afa-tsy ny zavatra izay hananany fiadanana ny fizarana izany.





# Ny taona ho avy

## Ny teniko ho an'ny taona ho avy

Mifidiana teny iray hanehoana sy hamaritana ny taona izay ho avy. Azonao atao ny mijery an'io teny io raha mila angovo fanampiny ianao, ka hampahery anao hanatratra hatrany ny nofinao izany.

## Faniriana miafina

Aza sakanana ny sainao. Inona ilay fanirianao miafina ho an'ny taona manaraka?

## Arahabaina,

### avy nanomana ny taonanao hoavy ianao!

Makà sary ary zarao aminay amin'ny fampiasana ny teny #yearcompass.

# Ny taona ho avy

## Fehezanteny enina momba ny taona manaraka

Amin'ity taona ity dia tsy hangataka andro intsony aho amin'ny...

Amin'ity taona ity aho dia haka angovo betsaka indrindra avy amin'ny...

Amin'ity taona ity, izaho no hanampasahiana indrindra rehefa...

Amin'ity taona ity dia hiteny eny aho rehefa...

Amin'ity taona ity dia manoro hevitra ny tenako aho mba...

Hiavaka ho ahy ity taona ity satria...





# Mivonòna

Eo ary.
Homano ireo fitaovana ilainao ary arindrao ny manodidina anao.
Akimpio ny masonao ary miainà miadana sy lalina indimy.

Sokafy ny sainao hamotsotra ny andrandraina rehetra.

Atombohy rehefa mahatsiaro vonona ianao.

# Ny taon-dasa

## Mamakivaky ny kalandrie-nao

Jereo amin'ny antsipirihiny ireo herinandron'ny kalandrie tamin'ny taon-dasa. Raha mahita fotoana nanan-danja ianao, fivoriam-pianakaviana, fiarahana am-pirahalahiana na tetikasa nanan-danja dia soraty eto.





# Ny taona ho avy

## Ireo zavatra telo mahagaga ho an'ny taona ho avy.

Ireto zavatra telo ireto dia hampiako amin'ny tontolo manodidina ahy ahatonga azy hampiadana ahy.

Ireto zavatra telo ireto no hataoko isa-maraina.

Ireto zavatra telo ireto dia hoataoko hampifalifaly ahy matetika.

Hotsidihiko ireto toerana telo ireto.

Hifandray amin'ireo olona tiako amin'ireto fomba telo ireto aho.

Ireto fanomezana telo ireto no homeko ny tenako ho lokako rehefa mahomby aho.

# Ny taona ho avy

## Ireo zavatra telo mahagaga ho an'ny taona ho avy.

Ireto zavatra telo momba ny tenako ireto dia hotiaviko.

Vonona ny hamotsotra ireto zavatra telo ireto aho.

Ireto zavatra telo ireto no tiako ho tratrarina indrindra.

Ireto olona telo ireto no ho andry ho ahy mandritra ny fotoan-tsarotra.

Ireto zavatra telo ireto dia ho sahiko hofantarina.

Ireto zavatra telo ireto dia hananako fahefana ny handà azy.





# Ny taon-dasa

## Momba ny taon-dasako

Ny fiainantsika dia ahitana lafiny maro samy hafa nefa mifamatotra. Jereo ireo sehapiainana etsy ambany ary anontanio ny tenanao hoe inona no zava-nanan-danja tamin'ny tsirairay amin'izy ireo. Soraty ny valinteninao.

FIAINANA MANOKANA, FIANAKAVIANA

ASA, FIANARANA

NAMANA, FIARAHA-MONINA

FIALAM-BOLY, FAHAIZA-MAMORONA

VATANA SALAMA, FANATANJAHAN-TENA

SAINA SALAMA, FAHALALANA NY TENA

IREO FAHAZARANA MAMARITRA ANAO

AMPITSO TSARA KOKOA*

* Inona no nataonao tamin'iny taona iny ho an'ny tontolo manodidina anao hahatonga izany ho tsaratsara kokoa noho ny nahitanao azy teo aloha?

# Ny taon-dasa

## Fehezanteny enina momba ny taon-dasako

Ny fanapahan-kevitra hendry indrindra nataoko...

Ny lesona lehibe indrindra nianarako...

Ny risika lehibe indrindra noraisiko...

Ny tsy nampoizina lehibe indrindra tamin'ny taona rehetra...

Ny zava-dehibe indrindra nataoko ho an'ny hafa...

Ny zavatra lehibe indrindra vitako...





# Ny taona ho avy

## Ny taona ho aviko

Jereo ireo seha-piainana eo amin'ny fiainanao ary mametraha tanjona ho an'ny tsirairay amin'izy ireo ho amin'ny taona manaraka. Ataovy eto amin'ny pejy ireo tanjona ireo—ity no dingana voalohany hanatrarana izany.

FIAINANA MANOKANA, FIANAKAVIANA

ASA, FIANARANA

NAMANA, FIARAHA-MONINA

FIALAM-BOLY, FAHAIZA-MAMORONA

VATANA SALAMA, FANATANJAHAN-TENA

SAINA SALAMA, FAHALALANA NY TENA

IREO FAHAZARANA MAMARITRA ANAO

AMPITSO TSARA KOKOA*

* Inona no hataonao amin'ny taona manaraka mba hamelanao ny tontolo manodidina anao amin'ny endrika tsara kokoa noho ny nahitanao azy teo aloha?

# Ny taona ho avy

## Sahia manana nofy lehibe

Tahaka ny ahoana ny taona ho avy aminao? Inona no hitranga raha ny idealy? Maninona no izay no tena zava-dehibe? Manorata, manaova sary, avotsory izay noeritreretinao fa hitranga ary sahia manonofy.





# Ny taon-dasa

## Fanontaniana enina momba ny taon-dasako

Inona no tena reharehanao?

Iza ireo olona telo tena nanana fiatraikany taminao indrindra?

Iza ireo olona telo nananananao fiatraikany indrindra?

Inona no tsy vitanao?

Inona no zavatra tsara indrindra nanjary fantatrao momba ny tenanao?

Inona no tena ankasitrahanao indrindra?

# Ny taon-dasa

## Ireo fotoana tsara indrindra

Tantarao ny fotoana lehibe indrindra sy tsy hay hadinoina ary tena nahafaly anao tamin'ny taon-dasa. Ataovy sary amin'ity taratasy ity izy ireo. Inona no tsapanao? Iza no niaraka taminao? Inona no nataonao? Inona no karazana fofona, feo na tsiro tadidinao?





# Ny taona ho avy

2025

# Ny taon-dasa

## Ny taona lasa raha atao teny telo

Misafidiana teny telo hamaritana ny taon-dasanao teo.

## Ny bokin'ny taon-dasako

Raha nisy boky natao na sary mihetsika navoaka momba ny taon-dasanao teo dia inona no ho lohateny omenao azy?

## Fanaovam-beloma ny taona lasanao

Raha misy zavatra hafa tianao hosoratana, na misy olona tianao atao veloma, dia ataovy izao izany.

## Vitanao ny taona lasa.

Vitanao izay ny tapany voalohany.
Miainà lalina tsara.

Mialà sasatra.

Tianao ve ny YearCompass? Zarao amin'ny namanao izany!
Ampio izahay hanampy olona betsaka araka izay azo atao.

**https://yearcompass.com**





# Ny taon-dasa

## Telo amin'ireo zava-bitako lehibe indrindra

Tanisao eto ny zava-bitanao telo lehibe indrindra tamin'ny taon-dasa.

Inona no nataonao nanatontosanao ireo?

Iza no nanampy anao hahatratra ireo fahombiazana ireo? Tamin'ny fomba ahoana?

## Telo amin'ireo fanambiko lehibe indrindra

Tanisao eto ny fanamby telo lehibe indrindra natrehinao tamin'ny taon-dasa.

Iza na inona no nanampy anao hihoatra ireo fanamby ireo?

Inona no nianaranao momba ny tenanao teo am-pihoarana ireo fanamby ireo?

# Ny taon-dasa

## Famelan-keloka

Nisy zavatra nitranga ve nandritra ny taona lasa izay mbola mila famelan-keloka? Zavatra natao na teny nampalahelo anao? Sa tezitra amin'ny tenanao ianao? Soraty eto. Manaova soa ho an'ny tenanao ka mamelà heloka.*

* Raha mbola tsy vonona hamela heloka ianao, dia soraty eto ihany aloha. Mety ahagaga anao ny vokatr'izany!





# Ny taon-dasa

## Mamotsotra

Misy zavatra hafa tokony holazainao ve? Misy zavatra tsy maintsy avotsotrao ve alohan'ny hanombohanao ny taona manaraka? Manaova sary na manoràta, eritrereto izany ary avotsory daholo.